Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Nasandratr'Andriamanitra I Josefa, ilay Andevo

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Nalefan'i Potifara, tompony teo aloha, tany am-ponja, tamin'ny tsy rariny i Josefa. Nanoa ny mpiandry sy nanampy tsara anefa i Josefa tany am-ponja. Nomen'ny tompon'andraikitry ny fonja andraikitra mba handamina ny fiainana tao am-ponja izy. Nihatsara kokoa ny fiainan'ny rehetra tao am-ponja satria Andriamanitra niaraka tamin'i Josefa.

Tao am-ponja ihany koa ny mpanao mofon'ny mpanjaka sy ny mpitazona kapoakany. Indray andro, nanontanian'i Josefa izy ireo hoe:
"Fa maninona ianareo no toa malaheloelo?"

"Tsy misy olona afaka manazava aminay ny dikan'ny nofinay", hoy izy ireo. "Andriamanitra afaka manao izany", hoy i Josefa,
"Lazao ahy hoe ny nofinareo!"

Hoy i Josefa tamin' ilay mpitazona ny kapoakan'ny mpanjaka: "Izao ny dikan'ny nofinao: afaka telo andro dia hiverina hahita fitiavana eo imason'ny Farao indray ianao. Tadidio aho amin'izay ary asaivo afahan'ny Farao aho." Vaovao ratsy kosa nefa no tamin'ny nofin'ilay mpanao mofo. "Ho faty ianao afaka telo andro", hoy i Josefa. Samy tanteraka ireo nofy roa ireo.

Tsy tadidin'ilay mpitazona kapoaka anefa i Josefa raha tsy efa sahirana vao nifoha i Farao indray maraina.



Nitaraina izy hoe: "Nanonofy aho". Tsy nisy afaka nananazava ny dikan'ny nofiny nefa na iray ary ireo olon-kendry tao an-dapany. Izay vao tsaroan'ilay mpitazona kapoaka i Josefa tany am-ponja. Nolazainy tamin'i Farao ny momba azy.

Nampantsoin'i Farao avy hatrany i Josefa. Hoy i Josefa tamin'i Farao: "Hafatra avy amin'Andriamanitra ny nofinao. Mandritra ny fito taona, ho betsaka dia betsaka ny vokatra eto Ejipta, ary hisy mosary mandritra ny fito taona ao aorian'izay."

"Aoka ary hiomana hanangona ny vokatra mandritra ny fito taona zina mba tsy ho fatin'ny hanoanana ny olona rehefa tonga ny mosary", hoy i Josefa tamin'i Farao. Ary hoy i Farao: "Miaraka aminao Andriamanitra. Ianao no aoka hiandraikitra an'i Ejipta, ary izaho irery no ho ambony noho ianao."

Tonga ny taona fito naha be vokatra, narahin'ny mosary fito taona. Sarotra ny nahita sakafo na taiza na taiza ankoatran'ny tany Ejipta satria efa nitahiry sakafo betsaka izy ireo. Tany amin'ny tany niavin'i Josefa lavitra tany koa, tsy nanan-kohanina ny fianakaviany.

Nandeha nividy sakafo tany Ejipta ny olona avy tamin'ny firenena rehetra. Hoy i Jakoba naniraka ireo zananilahy: "Tsy maintsy mandeha any Ejipta koa ianareo, raha tsy izay ho fatin'ny hanoanana eto isika." Niomana ny hividy sakafo ireto zanakalahiny nony tonga tany Ejipta.

Niankohoka teo anatrehan'ilay olona manan-kaja mpitondra an'i Ejipta ny zanak'i Jakoba. Tsy fantany i Josefa rahalahiny. I Josefa kosa nefa nahafantatra azy ireo. Tadidin'i Josefa ilay nofiny fony mbola kely izy. Nasandratr'Andriamanitra ho ambony noho ireo rahalahiny izy.

Feno fahendrena i Josefa. Nanao teny mahery tamin'ireo rahalahiny izy ary nihazona an'i Simeona tany Ejipta.

Ary naniraka azy ireo izy nanao hoe: "Mitondrà sakafo, modia ary miverena aty miaraka amin'ny zandrinareo faralahy. Izay no hahafantarako fa tsy mpitsikilo ianareo."

Nieritreritra izy mirahalahy avy fa
manasazy azy Andriamanitra noho
ny nivarotan'izy ireo
an'i Josefa ho andevo
taona maro lasa izay.

Sadaikatra i Jakoba sy ny zanany. "Naveriny niaraka tamin'ny sakafo ny volanay. Nilaza koa ilay manam-pahefana fa tsy maintsy mitondra an'i Benjamina any izahay."

Tsy navelan'i Jakoba handeha anefa i Benjamina. Tsy naharitra ela dia lany ny sakafo. Nila niverina tany Ejipta indray izy mirahalahy avy. Niaraka tamin'izy ireo i Benjamina.

Naniraka ny mpanompony hanomana hanim-pitoloha i Josefa nony nahita an'i Benjamina. Noasainy izy mirahalahy avy. Nanontanian'i Josefa izy ireo hoe: "Mbola velona aina soa aman-tsara ve ny rainareo?" Mety nieritreritra ny fomba hampihaonana indray ny fianakaviany iray manontolo angamba izy.

Tian'i Josefa ho
fantatra koa hoe
tena nanenina ny
fahotana nataony
taloha be izay
ve izy ireo.

Noendrikendrehan'i
Josefa ho nangalatra
ary izy ireo nony
vita ilay fety.

Hoy Josefa tamin'izy ireo:
"Hotazomiko ho andevo i
Benjamina mba ho sazinareo."
Nitalaho mafy i Jodà
nanao hoe: "Ny aiko
no aoka hotananao,
tompoko".

Fantatr'i Josefa fa
efa niova tanteraka i
Jodà, izay nanome
ny soso-kevitra
hivarotra an'i Josefa.

Nirahin'i Josefa hivoaka ireo
Ejiptianina rehetra teo fa tsy vitany
intsony ny nanafina ny
fitiavany ny
fianakaviany.
Avy eo izy
nanomboka
nitomany.

"Izaho ihany ity, Josefa, ilay namidinareo ho aty Ejipta."
Gaga sady natahotra ny rahalahiny, tsy nahateny na inona na inona.

Nankahery ny rahalahiny Josefa.
"Nataon'Andrimanitra
manam-pahefana
aty Ejipta aho, mba
hahafahako mamonjy ny
ainareo mandritra izao
mosary izao. Mandehana
ary ento aty ny raiko.
Izaho
no hiahy
anareo."

Nihaona tany Ejipta indray i
Jakoba sy i Josefa ary
niara-nipetraka
amim-piadanana sy
nanana ambim-bava ny
fianakaviany manontolo.

Nasandratr'Andriamanitra I Josefa, ilay Andevo

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 39-45

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16